# Tsy ho lazaiko aminareo roa ve ny zavatra tsara kokoa noho izay nangatahinareo tamiko? Rehefa miakatra eo am-pandrina ianareo roa - na rehefa nikasa handeha hatory - dia mitenena hoe : "Sobhaanah" in-telo amby telopolo, "Alhamdolillahi" in-telo amby telopolo, ary "Allaho Akbar" in-efatra amby telopolo, izany dia tsara lavitra aminareo roa mihoatry ny mpanampy

Tatitra azo avy tamin'i Ali (R.A) : Tonga tao amin'ny Mpaminany (S.A.W) i Fatima (R.A), ka nitaraina taminy ny dian'ny vato fitotoam-bary teny an-tànany, ary henony fa nisy andevo tonga tao amin'ny Mpaminany (S.A.W) saingy tsy tratrany izy, ka nolazainy tamin'i Aisha (R.A), ka rehefa tonga izy dia nolazain'i Aicha taminy,nilaza izy: Tonga tany aminay izy, ary efa teo am-pandrina izahay, ka nitraka hitsangana izahay, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) hoe : "mijanona eo amin'ny toeranareo ianareo roa" ary nipetraka teo anelanelanay roa mandra-pahatsapako ny fangatsiahan'ny tongony teo amin'ny kiboko, dia niteny izy hoe : “Tsy ho lazaiko aminareo roa ve ny zavatra tsara kokoa noho izay nangatahinareo tamiko? Rehefa miakatra eo am-pandrina ianareo roa - na rehefa nikasa handeha hatory - dia mitenena hoe : "Sobhaanah" in-telo amby telopolo, "Alhamdolillahi" in-telo amby telopolo, ary "Allaho Akbar" in-efatra amby telopolo, izany dia tsara lavitra aminareo roa mihoatry ny mpanampy."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitaraina momba ny dian'ilay milina fitotoana teny an-tànany i Fatima (R.A), zanakavavin'ny Mpaminany (S.A.W), ka rehefa nisy babo iray tonga teo amin'ny Mpaminany (S.A.W) dia nankany aminy izy mba hangataka io babo io mba hanao ny raharaha tao an-tranony hisolo azy amin'izany, saingy tsy nahatratra azy tao an-tranony izy, fa nahita an'i Aisha (R.A) ka dia nolazainy taminy izany. Rehefa tonga ny Mpaminany (S.A.W) dia nampahafantatra azy Aisha fa tonga tao aminy i Fatima mba hangataka mpanampy taminy. Dia tonga tao an-tranon'i Fatima sy Ali ny Mpaminany (S.A.W) raha mbola teo am-pandriana izy ireo niomana hatory, dia nipetraka teo anelanelan'izy roa ny Mpaminany (S.A.W) mandram-patasapan'i Ali ny hatsiakan'ny tongotry ny Mpaminany (S.A.W) teo an-kibony, dia hoy izy hoe : Tsy ho lazaiko aminareo roa ve zavatra tsara lavitra mihoatra ny fanomezana mpanampy izay nangatahinareo? Nilaza izy roa: Eny, dia niteny ny Mpaminany (S.A.W) : Rehefa hatory amin'ny alina ianareo dia mitenena inefatra amby telopolo ny teny hoe “Allaho Akbar”. Ary

miderà an'Allah in-telo amby telopolo, amin'ny fitenenana hoe: Sobhànallah, Ary misaora an'I Allah in-telo amby telopolo, amin'ny fitenenana hoe : Alhamdolillah. Izany tonom-bavaka izany dia tsara aminareo noho ny mpanampy;

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/6076

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY

لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee